SECES ANTANANARIVO, FIANARANTSOA, TOLIARA

Mitaky vahaolana maharitra amin'ny olan'ny fampianarana ambony

Manoloana ny olana mateti-pitranga amin'ny fampianarana ambaratonga ambony eto amintsika, izay manerana an'i Madagasikara mihitsy, mitaky vahaolana maharitra amin'ny fitondram-panjakana ny Seces, na ny Sendikan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra amin'ny Oniversiten'Antananarivo sy Fianarantsoa ary Toliara. Ny savorovoro amin'izao fotoana hoy ny fanambarana dia midika ho famonoana hasina ny fampianarana ambaratonga ambony, ka namoizana aina, nahamaizana tranona mpampianatra miisa 3, ary naharatrana mpianatra. Mananeloka tanteraka ny fihetsika feno habibiana nataon'ireo tsy mataho-tody izy ireo. Miantso ny tompon'andraikitra hanokatra fanadihadian lalina sy hanafay faran'izay henjana ireo nahavanon-doza na iza na iza. Miantso fitoniana ho antsika Malagasy koa izy ireo, ka handala toy ny anakandriamaso ny fifanajana, ny firaisankina ary ny soatoavina maha-Mlagasy. Toheriny ny endrika herisetra mitranga ao anaty hetsika fitakiana atao, na avy aiza, na inona antony. Mitaky izy ireo ny hitandrovana toy ny anakandriamaso ihany koa ny antsoina hoe: Franchise Universitaire. Mampalahelo hoy ny fanambarana ilay toetsaina hoe:"izay milalao ihany no mahazo". Isaky ny mikorontana ny mpianatra dia poa toy izay dia mivaha ny olana. Aoka ireo tompon'andraikitra hampitsahatra io fomba fanao io, izay manome ohatra ratsy ho an'ny tanora izany. Manainga ny fitondrana izy ireo, mba hamaha faran'izay haingana ny fitakian'ny mpianatra sy ny mpandraharaha. Manamafy ny fitakiana dia ny handoavana ny 25% sisa tavela amin'ny HC 2017-2018 tsy iandrasana digitalisation. Eo koa ny resaka Irsa 10% izay mbola manjavozavo. Vonona amin'ny fifampiresahana ny Seces, na atao tsinontsinona matetika ireo miresaka am-pitoniana. Miantso ny fitondrana mahefa koa izy ireo, mba samy handray andraikitra, ka hametraka vahaolana maharitra, mba hampisy fitoniana maharitra ihany koa.

Maanameloka ny herisetra amin'ny fitakiana ny Seces, na avy amin'iza na avy amin'iza.

Nangonin'Isambilo

Fitondrana Rajoelina

Sarotra ny iarovany ny fiandrianam-pirenena

Mihambo ho manindrahindra ho sarotiny amin' ny fiandrianam-pirenena ny fitondrana ankehitriny. Raha resaka vava sy fisehosehoana ivelany aloha dia tena ilazana fa manao izany izy. Rehefa dinihina tsara anefa dia lasan-ko vavany fotsiny ihany izany. Tsy miaro ary tsy saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena ny fitondrana Rajoelina. Manaporofo izany ny zava-misy, izay isehoan'ny fanagejana ataon'ny mpanao politka maloto frantsay sy fitondrana frantsay eto. Mbola eo ny famatorana ny firenena Malagasy amin'ny fifanaraham-piarahamiasa na "accords de coopération" napetraka hatramin'ny niverenan'ny fahaleovantena mandraka ankehitriny, fa mody ovaina endrika sy sarontsaronana eo. Miray tsikombakomba ratsy aminy ny fitondrana ao anatin'izany, dia ny vahoaka no ampiesonina fotsiny anaovana ronono an-tavy eo amin'ny hetsika etsy sy eroa, na amin'ny fiaraha-miasa amin'ny fitondrana frantsay. Izao fitondrana izao dia azo inoana tanteraka, fa tsy sahy hanao teny mahitsy sy hentitra amin' ny fitondrana frantsay amin'izay rariny sy hitsiny mendrika an'i Madagasikara. Tsy izao fitondrana Rajoelina izao velively no inoana, fa hanana fahasahiana hiteny toy ireo mpitondra any Amerika latina toy ny tany Venezuela, ohatra, na ny ao Afrika toa an-dry Paul Kagamé ao Rwanda. Tsy hisy mihitsy koa amin'ireo mpiara-miasa aminy toy ny eo anivon'ny governemanta ho sahy amin'izany. Nefa ireo avo vava sy miseho ho hentitra sy masiaka amin'ny Malagasy mpiray tanindrazana eto amin'ny firenena rehefa mba te haneho hevitra momba ny firenena. Inona izany, tsy midika ho fitaovana eo am-pelatanan'ny fitondrana frantsay ve izy ireo, mba tsy ilazana hoe: saribakoly? Tsy mbola nahita na nandre teto ny Malagasy nataon'i Andry Rajoelina rehefa isaky ny andron'ny 29 Martsa, miampanga sy manameloka ny fitondrana frantsay, fa izy ireo namono Malagasy sy nampandriaka rà Malagasy teto tamin'ny taona 1947- 1948 nandritry ny fanjanahantany. Sarotra ny hino ny hisian'izany, izay midika fa tsy saropiaro amin'ny fiandranampirenena ity izany ny fitondrana fa mba resaka sy fihatsarambelatsihy dia atao. Tsy mbola nisy fitondrana Rajoelina izany nidina teny amin'ireo isiana tranga fanjakazakana ataon'ny karana mibodo sy maka an-keriny ny tanin'ny vahoaka Malagasy, toy ny eny Antanandrano izay resabe ankehitriny, misy olona mitomany, na any amin'ny toeran-kafa ihany koa, ka handraisan'ny fitondrana fepetra avy hatrany fa an'ny malagasy ny tany. Tsy mbola misy izany ary tsy antenaina hisy. Fiandrianampirenena no voatohintohina amin'izany, fa tsy mihetsi-bolomaso ny fitondrana.

Dia hisehoseho indray ho manana ny maha izy azy ny fitondrana miaraka amin'ny foloalindahy amin' ny andron'ny 26 Jona eny Mahamasina. Izay ilay fisehosehoana ivelany fotsiny, fa ny fositra manosihosy ny fiandrianampirenena tsy voajery. Hitehaka aza ny mpitondra frantsay sy izay olony miasa eto Madagasikara hasaina eny hisaina mangina, fa raha tsy izy ireo tsy toy io ireo mpisehoseho ireo. Esoin'ny olona anaty fotsiny ilay firenena Malagasy noho ilay mpitondra azy ihany. Dia ho toy izany hatrany no hisy eto amin'ity firenena ity mandrapaha oviana ? Mampalahelo sy mahantra ilay vahoaka Malagasy sy ny fireneny 61 taona aty aoriana ny niverenan'ny fahaleovantenany.

Sôh'son

26 jona ho avy. FFKM

Nivavaka ho an'ny tanindrazana noho ny fetim-pirenena

Noho ny fetim-pirenena ho avy ny sabotsy 26 jona ho avy izao, nitondra vavaka ho an'ny tanindrazana ny FFKM, na ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Notontosaina teny amin'ny Ekar Katedraly Andohalo ny fanompoam-pivavahana iraisampinoana ny alahady faha-20 jona 2021 teo, nanomboka tamin'ny 3 ora tolakandro. Izany dia fanamarihana ny fankalazana ny andron'ny faha-26 jona 2021, izay hankalazana ny fahatsiarovana ny faha-61 taona niverenan'ny fahaleovantenam-pirenena, sy ny nijoroan'ny foloalindahy Malagasy. Izao fotoana izao dia natao ho fisaorana an'Andriamanitra, sy ho fangataham-pitahiana ho an'ny tanindrazana ary ho fitrotroana am-bavaka ny vahoaka malagasy. Nitarika ny fotoana tamin' izany ireo filoham-piangonana 4 mirahalahy mianaka avy ao amin'ny FFKM. Tonga nanotrona ity fotoan-dehibe ity ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta, Ntsay Christian, manampahefana, mpanao politika, sy ny olon-tsotra ihany koa.

Niaina

Ny fanompoam-pivavahana iraisam-pinoana teny amin'ny Katedraly Andohalo ny alahady teo.

Ny Valosoa sy fakafaka

Tsy misy ny politika mazava hanasoa ny tanora malagasy

Ao anatin'ny fanamarihana ny iray volan'ny ankizy isika eto Madagasikara amin'ity volana jona ity, kanefa tsy tokony ho adinoina ihany koa ny zatovo sy ny tanora. Ny ankizy ihany no ho zatovo sy tanora aoriana kely. Ireo anefa no ambara mandrakariva fa ho avin'ny firenena. Raha ratsy fikarakarana sy fanomanana ireo dia ho toy izay ihany koa ny ho avin'ity firenena ity.

Milaza ho mijery sy mitsinjo ny momba azy ireo ny fitondrana. Nidedahana mihitsy izany raha nankany amin'ny faritr'i Soalala iny ny filohan'ny Repoblika Rajoelina andro maromaro lasa izay. Tena izany tokoa ve anefa no ataony sy ny fitondrana entiny? Iaraha-mahita ny zava-misy. Rehefa miresaka fikarakarana sy fanomanana ny tanora Malagasy izay, dia ao anatin'izay ny momba ny sakafony, ny fahasalamany, ary ny fampianarana. Miara-mahalala ny zava-misy ao anatin'izay ny rehetra. Miharihary ny olana atrehin'ireo mpianatra amin'ny ambaratonga rehetra, fa ny misongadina amin'izao fotoana izao, dia ny eny amin'ny Anjerimanontolo manerana ny faritra. Nisy ny fitokonana nataon'izy ireo, fitakiana ny momba ny ahafahany mampandeha ny fianarany, dia ny vatsim-pianarana sy ny kojakoja fampitaovana ny fianarany. Tsy tokony hisy izany hetsika izany raha nomena laharam-pahamehana hatrany am-piandohana, fa ity fitondrana Rajoelina ity dia miavaka amin'ny fomba fiasany tsy toy ny hafa, fa tsy taitra sy tsy mitady vahaolana raha tsy efa "omby loha ny rovitra". Misy mihitsy ny mpianatra mamoy ny ainy ao anatin'izany. Ny tsikaritra dia toa vitavitaina ho azy amin'izao ny raharaha momba ireny. Efa ho hafiriana izay mbola tsy hita soritra mazava ny fizotry ny hoe fanadihadiana atao momba ny nahafatesan'ilay tovolahy tany Toamasina. Avela hangingina ao ve, fa inona no antony? Ary fanaovana z'inona ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony mihitsy ny filazana, fa misy mpamporisika na mpanome vola azy ireo isak'izay fitokonana ataony. Tena fanambaniana ny tanora Malagasy zanaky ny sarambabem-bahoaka izany. Ireo anefa no antoky ny ho avin'ity firenena ity. Mazava loatra sy miharihary fa tena mifanohitra mihitsy ny fomba fijery sy ny ambaran'ity fitondrana ity. Eo milaza fa mitsinjo izay hahasoa ny mpianatra, avy eo daroka lakrimôzena, fitifirana hampisy rà mandriaka no asetry ny hetsika ataony; lazaina fa tsy nahimpon'izy ireo ny hetsika ataony fa misy ao ambadika.

Miharihary fa tsy manana politika mazava momba ny tanora Malagasy ny fitondrana Rajoelina. Ny lasitra amin'ny fampianarana sy fanabeazana omen'ny fitondrana azy ireo dia misy aloky ny fitondrana frantsay hatrany, izay mifamatotra tamin'ny politika maloton'ny fanjanahantany nampihariny teto amin'ny firenena. Mazava loatra, fa tsy mampivelatra izany fa mamoritra sy mangeja saina. Koa raha hitsinjo ny zaza sy ny zatovo ary tanora Malagasy marina ity fitondrana Rajoelina ity, dia ataony ho vaindohan-draharaha lalina mihitsy ny fanovàna izany, fa tsy amboamboarina ho amin'ny fiarovana ny tombontsoa frantsay eto. Na ihany koa resaka mampandry adrisa fotsiny handemena ny saim-bahoaka amin'ny zavatra atao tapi-maso etsy sy eroa. Hadisoana bevava amin'ny firenena sy famitahambahoaka avo lenta izany.

Radafy